Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-14: NY BATISAN’NY FANAHY-MASINA

(*Alahady maraina, aprily 2003 tany Locodjoro, Abidjan - Côte d'Ivoire /* www.matth25v6.org)

Eny ary, hitahy anareo anie ny Tompo! Tiako raha mihira ilay hira efa tranainy fa tsara iny isika: Ampodio indray ireny andro mahafinaritra ireny ry Tompo! [Mihira ny fiangonana…]

Mialoha ny idirana ao anatin’ny lohahevitra, mamelà ahy hilaza an’izao: tsy mbola misy fikambanan’ireo loholona ato. Ary raha tokony hisy ato indray andro any, dia ho an’ireo zavatra ara-nofo ranoiray izany. Ireo fanapahan-kevitra tena lehibe indrindrindrindra fa mikasika ny ara-panahy dia tokony ampandalovana fampiasana ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy na olona feno ny Fanahy satria ny fahendren’olombelona tsy mahazo mitondra ny Fiangonana.

Te hanadihady kely fanontaniana ao amin’ny bokin’i Daniela ihany koa aho… Ilay loha volamena ao amin’ny Daniela 2 sy ilay liona ao amin’ny Dan. 7 dia ny fanjakana babyloniana izay nanapaka izao tontolo izao tamin’ny 606 ka hatramin’ny 538. Mampatsiahy aho fa ny Egypta ihany koa dia efa firenena natanjaka indrindra teto an-tany tamin’ny 1600 ka hatramin’ny 1200 talohan’i Jesosy-Kristy. Eny ary, ny tratra sy sandry volafotsy ao amin’ny Dan. 2 sy ilay bera ao amin’ny Dan. 7 dia sarin’ny fanjakana Mediana sy Persiana. Ny kibo sy fe varahina sy ilay leoparda dia ny fanjakana maneran-tany grika. Ny vy dia ny Roma andrefana, ny Vatican, ary ny tanimanga dia ny Roma atsinanana, ny fiangonana ortodoksa izay nisaraka tamin’ny Roma tamin’ny taona 1054. Hitantsika ao amin’ny Apok. 11:7 izy. Hitantsika ihany koa Roma ao amin’ny toko faha-7 ny Daniela, ilay bibi-dia fahefatra ary hitantsika fa ao aminy dia misy ireo fahafantarana ireo bibi-dia hafa, Apok. 13:2.

Andao amin’izay ho ao amin’ny Daniela 9:23-27. Eto dia herinandro 70 fihavanana (Na: fiadanana) sy faneken’Andriamanitra amin’ny Isiraely no resahina, tsy amin’ireo firenena fa amin’ny Isiraely. Andinony faha-25: Nanomboka tamin’ny Nehemia 2 tamin’ny taona 455 talohan’i JK ka hatramin’ny batisan’i Jesosy, *“dia ho 7 herinandro SY 62 herinandro”* fa tsy *“7 herinandro anatin’ny 62 herinandro”* araka ny lazain’ny sasany. Izay efa manome 69 herinandro ka manome 483 taona ary mbola misy herinandro ara-paminaniana anankiray izany hoe fito taona. I Jesosy dia nanao ny ministerany nandritra ny tapa-kerinandro, telo taona sy tapany ary eo amin’ny antsasaky ny herinandro, hitsahatra ny fanatitra alatsa-drà (Na: sorona) ho an’ny Isiraely mba hitodihan’Andriamanitra any amin’ireo firenena. Koa mbola misy tapa-kerinandro ho an’ny Isiraely izany izay handraisany indray ilay Mesia avy amin’ny alalan’i Elia sy Mosesy. Taorian’izay, ny vahoaka an’i Kaisara, Roma dia nanao fahirano sy nandrava an’i Jerosalema. Avy eo Roma dia nanao fanekena tamin’ny maro izany hoe ireo firenena mandritra ilay herinandron’ny vanim-potoan’ny Fiangonana ary izany avy amin’ny alalan’ny fiangonana katolika. Andriamanitra mbola tsy maintsy mifandraharaha mandritra ireo vanim-potoana fito amin’ireo firenena dia avy eo vao amin’ireo firenena roa ambin’ny folon’ny Isiraely. Raha tsikaritrareo, tamin’ilay nampitomboana ireo mofo tany Betsaida, dia nahangona roa ambin’ny folo harona rizareo ary tamin’ilay fampitomboana faharoa, nahangona fito sobiky rizareo. Ireny dia zavatra natao ara-paminaniana hanambarana zavatra mbola ho avy. Efa fantatrareo izany rehetra izany. Raha avelan’Andriamanitra dia hohazavaiko indray andro any ny toko voaloha an’ny Ezekiela. Eny ary, andao hiverina any amin’ny lohahevitsika amin’izay isika. Ny Fanahy-Masina dia Andriamanitra Izao mihitsy ka tsy afaka ny ho tonga amin’ny zavatra hafa afa-tsy amin’ny Teny. Ny Fanahy-Masina dia tsy afaka ny ho tonga amin’olona manana fampianaran-diso izany mihitsy. Ary tsikaritsika araka ny Baiboly fa ny Fanahy dia tsy mandeha alohan’ny Teny izany. Izany no niseho tany amin-dry Kornelio. Ny fanahy rehetra dia manana foto-panintonana avokoa. I Jesosy dia ny Teny ka ny Fanahy dia afaka tonga Taminy. Tahaka ny Teny Izao mihitsy izay tsy tonga raha tsy amin’ny mpaminany. I Jesosy dia ny Teny ka tonga tany amin’i Jaona, ilay mpaminany Izy. Izany no ataony marika famantarana. Vao manana boky iray mystika ianareo, dia mandray demony iray izay ianareo. Rehefa mino ianareo fa ireo efa maty dia afaka mifandray aminareo, dia manana demonin’ny spiritisma ianareo. Ao ambadiky ny finoanoam-poana (croyance) rehetra, ao ambadiky ny fampianaran-diso rehetra dia misy demony iray. Ny mamaky tonon’andro dia ratsy toy ny famporafesana ihany! Ny manana boky mystika dia tahaka ny manana ody eny amin’ny tena ihany. Alohan’ny hahatongavana ao amin’ny Tompo, teo am-pitadiavana izay mihoatra ny efan’ny zava-boahary sy ireo harena ety ambany ety, ny olona dia nanao fanekena maro karazana tamin’ireo demonin’ny fanaovana ody, ireo fikambanana mystika, ny ezoterisma, ny nomerolojia, ny fanandroana, … ka inona no tokony ho fihetsika ananana rehefa tonga ao amin’ny Tompo ny tena. Tokony omena olona ve ireny boky mystika ireny sa ariana? Hoy ny Baiboly *“Maro tamin’ireo izay niroso tamin’ny fombam-pivavahana hafahafa, no nanangona ny bokiny ka nandoro azy teo imason'ny olona rehetra”*. Asa 19:19. Fa nahoana? Tsy afaka ny sady hanana ireny boky sy zavatra ireny eny aminareo ianareo no sady hangataka amin’Andriamanitra ny hanomezany anareo ny Fanahiny! Misy demony avokoa ao ambadik’ireny zavatra hitanareo ireny ka tokony hanao asa mivaingana ianareo. Tsy manan-jo ny hanao fanomezana izay zavatra fantatrareo fa ratsy ianareo. Raha tsy tsara ho anareo ny zavatra anankiray, nahoana no omena ny namanareo izany na dia tiany ho an’azy aza? Tsy tokony omenareo ireny horonam-peo, boky sy hafa ireny rizareo raha efa fantatra fa misy fanahy ao ambadik’izany! Misy hosotra ao ambadik’ireny olona ireny, ireny horonam-peo ireny, ireny boky ireny, … na any amin’izao tontolo izao izany na any amin’ireo fiangonana. Aza kasihana intsony ireny baiboly Louis Segond, Thompson, Scofield ireny, … tsara ireny hatramin’ny vanim-potoana iray fa ny Fanahin’ny faminaniana dia mandrara ireny aminareo ankehitriny! Avelao ho an’ny zanaky ny devoly any ireny, ianareo tsy afaka ny hanana ireny intsony no sady hanana ny Fanahy-Masina! Amin’ny anaran’ny Tompo Jesosy no ilazako izany! Ny zava-drehetra dia tarihin’izay mihoatra ny efan’ny zava-boahary avokoa ka izany no mahatonga anareo tokony hanalavitra an-drizareo.

Ankehitriny jereo fa ny devoly dia afaka manao zavatra tsara ary afaka milaza ny marina mihitsy aza, izany no mahatonga ny olona mihazakazaka aoriany. Ho antsika ireny dia lainga. Ny mystika iray na ny mpamosavy iray dia afaka alatsaky ny

devoly ao amin'ny kristianisma ka mandeha mitantara ireo niainany, manazava ireo lazaina fa hevi-petsin'i Satana. Mampitandrina anareo amin'ireny zavatra ireny aho. Mikasika izany ihany, nisy rahalahy maro nanatitra boky maro taty amiko anisany "ilay fanafihana farany (l'ultime assaut)" nosoratan'i Rick Joyner, ireo trakitra an'i Jean Schwab. Ireo boky, "traités", horonam-peo maro be rehetra ireo dia tokony hodorana avokoa. Misy nosoratan'i Dion Robert, J-B. Nielbien, T.L. Osborn, Rebecca Brown, Yonggi Cho, … Hodorako am-pahibemaso ireo amin'ny fotoana mahamety izany. Noho ireny zavatra rehetra ireny no mahatonga an'Andriamanitra tsy manome ny Fanahiny satria ny olona tsy manana fahalalana izay tsara sy izay tsy izany. Ny Tenin'Andriamanitra dia mandidy ny fisarahana hatrany hatrany amin'ireny zavatra ireny! Ianareo tsy afaka ny hamaky Jean Schwab no sady hangataka ny batisan'ny Fanahy-Masina. Ny tsy maintsy ataontsika, dia ny manafoana ny ao anatin'ny siny hoditra antsika. Matio 9:17: *"tsy misy manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta"*. Rehefa miteny aho hoe ratsy ny zavatra toy izao, dia aza miteny hoe: "Misy fandaharana maro mampahery amin'ny onjam-peo kristiana anona, tsy misy maharatsy izany". Raha te hanao izany ianareo, ataovy miaraka amin'ny antony mitombina tsara eo anatrehan'Andriamanitra ary, saingy fikomiana izany.

Eny ary, jereo fa rehefa misy olona manana demonia, dia io fanahy io no mibaiko ny fihetsiny na dia ireo tsara aza. Ohatra hoe, amin'ny andro izay hanoratan'ny pretra katolika anankiray boky ilazana fa ny batisa dia amin'ny anaran'i Jesosy-Kristy, dia fantatsika fa hevi-petsin'i Satana izany. Amin'ny andro izay hamoahan'ny "assemblée de dieux" iray na batista iray horonam-peo fiderana mahafinaritra, dia tsy liana amin'izany isika. Ilay hosotry ny fisikidiana iny ihany no nanome aingam-panahy azy! Ireny horonam-peo ireny dia mitera-doza tahaka ny an'i Elvis Presley sy Madonna ihany. Aza mitady demony! Ary ny fahafantarana ireo zavatra ireo dia hita fa ilaina. Miteny aminareo aho amin'ny anaran'ny Tompo, aza mikasika na inona na inona amin'ireny zavatra ireny! Sambatra ianareo raha tsy fanafintohinana sy fanakorontanana ho anareo aho. Fantaro fa tsy nanaraka an'i Jesosy ireo apostoly satria azon-drizareo mazava tsara izay nolazain'i Jesosy. Rehefa nilaza i Jesosy hoe: *"Izay tsy mihinana ny nofoko sy tsy misotro ny rako…"*, dia tsy fantatr'ireo apostoly ny hevitr'izany saingy nanaraka rizareo satria nanana ny fanambarana ny hoe iza i Jesosy. Hitanareo! Raha hitanareo fa Andriamanitra no niteny tamiko tamin'ny 24 aprily 1993 dia minoa tsotra fotsiny. Fa inona moa izany zavatra rehetra izany? Fisarahana lehibe amin'ilay rafitra manontolo! Apok. 12:14 *"… lavitra ny tavan'ilay bibilava (menarana)"*. Na dia tsara tahaka ny inona aza ny boky na horonam-peo izato sy izaroa, alavironareo ireny! Raha manana ianareo, dia ario izany! Ary angaha tsy maintsy mamaky ireny boky ireny ianareo? Angaha tsy maintsy mihaino ireny horonam-peo na onjam-peo lazaina fa kristiana ireny ianareo? Fa nahoana? Aza mety hofitahina ianareo satria tsy fanahy tsara no manosika anareo ho any amin'ireny zavatra ireny! Raha mbola afaka mahita zavatra tsara amin'ireny onjam-peo sy televiziona ireny ianareo dia mbola tsy azonareo izany. Raha misy manao aminareo hoe: *"Andao hankany amin'ny mpisikidy iray izay mba miteny ny marina!"*, dia handeha ho any ve ianareo? Raha tsia, dia nahoana ianareo no hankany amin'ny fotoam-pivavahan'ireny fiangonana ireny? Ary raha misy manoro hevitra anareo fomba fanandroana mba hahombiazana ety an-tany, dia hanaiky izany ve ianareo? Koa nahoana ary no mamaky ireny boky fanafahana sy hafa ireny ianareo? Ohatra hoe raha misy pretra na i anona mpaminany na evanjelista manoratra boky fanafahana ka tsy misy fahalalana dia mamaky izany ianareo, tenin'ny fiainana inona no anananareo ka hohamarinin'Andriamanitra avy amin'ireo fahagagana izay tadiavinareo? Rizareo sy ireo bokin-drizareo dia fitaovana eny am-pelatanan'i Satana. Aza miteny hoe tamin'izy nanomboka dia Andriamanitra iny! Tsia! Na tao amin'ireny fiangonana ireny na tao amin'ireny lazaina fa lehilahin'Andriamanitra ireny izany, dia ny devoly omaly, anio ary mandrakizay izany! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Jereo ny hazo voasary, ny hazo "mandarine", ny hazo voasarihangibe (pamplemousse) na ny hazo voasary makirana maniry, izay naha-izy azy hatrany am-piandohana no asehony aty am-parany. Izany no mahatonga ny hoe ao amin'ny Matio 13:24-30, i Jesosy dia nilaza tamin-drizareo ny hamelàna ireo aloha… Ary any am-parany, hitantsika ireo natao amboarany mba hodorana: amboara batista, amboara "assemblée de dieux", "foursquare", … rizareo tsy manana fampianarana mitovy saingy rizareo dia miombona ao anatin'ireo fiombonana sy vondrom-piangonana. Io dia tahaka ny andiam-biby anankiray ahitana osy lahy, osy, kisoa, alika, omby, kisoa, … Ireo omby maneno hoe ouuuhh!! Ireo kisoa maneno hoe gr!gr!gr! Ireo batista maneno toy izao, ireo metodista kosa maneno amin'ny fomba hafa! Ireo osy maneno hoe… [Fiomehezana]! Tsy maintsy hoe zanaky ny devoly matoa mijanona any amin'ireny fiangonana ireny! Na tahaka ny ahoana aza ny fahadiovam-pon-drizareo, dia hankany amin'ny helo rizareo, efa nolazaiko taminareo izany! Ny Baiboly milaza ao amin'ny Apok. 13:8 fa ny anaran-drizareo dia tsy voasoratra ao anatin'ny bokin'ny fiainana! … Tadidionareo ny Apok. 6, ireo tombo-kase, rehefa nivoaka ny antikristy, dia afaka nihevitra ny tena hoe i Jesosy iny fa avy amin'ny tohiny rehefa niova soavaly izy izay vao hita fa ny devoly iny. Hitanareo? Fotsy avokoa aloha, ny famitahana. Ary izay maha-rizareo an-drizareo no hiseho rehefa aoriana! Koa aza miteny hoe tamin'ny nanomboka dia Andriamanitra iny! Aoka ianareo ho mailo amin'ireo mpikambana amin'ireny fiangonana ireny! Fasana ireny ary ny adala no mpandehandeha eny amin'ireny fasana ireny. Tsy te hanameloka an-drizareo aho fa tsy ekeko kosa raha ilay mpamboly tsy mandranto fianarana no tonga hivavaka any am-piangonana amin'ilay demonin'ny lobolobo izay efa andosirany.

Ny Baiboly ao amin'ny Apok. 17:8 dia milaza fa ho gaga ireo zanaky ny devoly. Fa isika kosa, mahalala isika fa hankany amin'ny helo rizareo! Aza mifanaraka amin'ny mpinony ianareo mba hanameloka ireo katolika sy ireo mpanompo sampy satria tsy mitovy aminy isika. Na dia manao batisa amin'ny anaran'i Jesosy, mandroaka devoly, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aza rizareo, … Raha manazava nofy aminareo aza rizareo, dia aza milaza na inona na inona! Raha tokony hiteny amin-drizareo Andriamanitra, dia ny hanoroana azy ireo ny Fahamarinana izany. Ary raha hanazava nofy anankiray, dia tokony fantarina aloha ilay fanahy izay niteny ary tokony hanana ilay fandikana hevitra izay an'Andriamanitra Izao mihitsy ianareo. Ary ny mandika hevitr'ireo nofy dia ilazana fa mpaminany izany ianareo. Vakio Genesisy 41 sy Daniela 2.

Tsy mahazo mamela ny olona ho tamy hitantara nofy ety amin'ny pilipitra isika. Andriamanitra dia nanome fanomezam-pahasoavana 9 mba ho fampandrosoana iombonana. Izay tian'Andriamanitra holazaina amin'ny fiangonana, dia Izy no hilaza izany mivantana. Ary raha natokana ho an'ny fiangonana ny nofy anankiray, dia Andriamanitra no hiandraikitra izany. Tamin'ny 1994, tany ho any amin'ny faran'ny taona tany, dia nanofy aho ary herinandro taty aoriana, nandritra ny fotoam-

bavaka manokana lazaina hoe fotoam-bavaky ny fifohazana, nanoloana ny olona nihoatra ny zato, nilatsaka tamin'ilay pasitera-mpiara-mitandrina (associé) ny Fanahy ka nitondra azy nankeo amiko ary nilaza izao: *"Izao no lazain'i Jehovah Tompo: izay nolazaiko taminao, mitsangana ka ambarao izao!"*. Dia tonga tamiko ny Fanahy ka nametraka ireo teny tato am-bavako, dia nilaza izay efa hitako aho. Izaho nahita ireo diakona anankiroa izay nisambotra ilay fiangonana tahaka ny vehivavy tanora tsara tarehy fatratra saingy janga mba hanakenda azy. Ravehivavy dia nitady hatrany ireo haren'ny tany izay azony saingy momba izy, dia niafara tamin'ny fahantrana izy taorian'ny nahafatesan'ny vadiny.

Ary amaranana azy, fantaro fa any amin'izay nahatongavan'ny Hiakan'ny mamatonalina, raha misy fiangonan'ny Hafatry ny hariva milaza fa nandray ny Fanahy-Masina, dia diso izany! Na dia miteny aza rizareo hoe nandray azy taloha, dia diso izany! Raha tsy izany dia nanaiky ny Hiakan'ny mamatonalina rizareo. Ny fanahin'ny sikidy no noraisin-drizareo na dia Krefeld na Branham-Tabernacle aza izany. Na inona na inona izay fanomezam-pahasoavana hiseho any. Lazaiko izany amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy. Rizareo ilay vehivavy janga safiotra tao anatin'ilay fahitana tamin'ny 24 aprily 1993.

Aorian'ity toriteny ity, ny tsirairay avy dia tokony ho hita toerana ary na dia samirery aza dia afaka miaina ny batisan'ny Fanahy-Masina izay ilay Fanahin'ny Tenin'ny ora ary izany dia miaraka amin'ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy sy ireo ministera rehetra araka ny 1 Kor. 12. Milamina avokoa ny rehetra, ny Teny avy eo ny Fanahy! Toy izany no nahatongavan'izany tamin'ireo jiosy, ireo samaritana ary ireo firenena. Efa vonona sahady isika ary nilaza aho hoe ilay Anjelin'i Jehovah dia mbola hiseho indray. Hahita Azy ny masonareo. Maminany izany aho. Aza tsy mino na dia Teny iray aza ary aza maka na inona na inona any ivelany rahefa avy nahalala ny Fahamarinana, fa hanala ny mahavirjina anareo izany. Rehefa miteny aho hoe tamin'ny nanaovana izao rehetra izao tany an-danitra Andriamanitra nanao hoe: "Andeha isika hamorona anjely tahaka ny endritisika…", na dia tsy voasoratra aza izany, na dia tsy azonareo aza izany, dia inoy tsotra izao. Ilay loza izay tsy itsaharako sorohana dia ny fanangolen'ny fahalalana. Ny tanjon'ity Hafatra ity dia ny tsy hitondrana fahalalana betsaka ho an'ny olona fa ny batisan'ny Fanahy-Masina. Aoka tsy hoadinontsika mihitsy izany! Ary aoka ny fonareo tsy hanaiky fiangonana maty sady be fombafomba tsy misy fanomezam-pahasoavana ara-panahy izany mihitsy.

Fa inona daholo izany zavatra izany? Rahalahy, ny hoe velona sady tonga any amin'ny fahatanterahana izany dia mitaky zavatra betsaka amintsika! Fantaro fa ireo izay maty ao amin'i Kristy, nanomboka tamin-dry Paoly, dia ao anatin'ilay fitsinjarana ara-panahy misy antsika izay ho amin'ny fampakarana ity ihany! Moa ve tsy lavitra ireny boky, horonam-peo, … izay handraràko anareo ireny rizareo? Moa ve tsy lavitra ireny fiangonana fanaovana sikidy ireny rizareo? Izany koa no mahatonga an'Andriamanitra nanomana ity toerana ity, ity efitra sy ity Toritenin'ny Matio 25:6 ity izay tsy hampifandray anareo ny zava-drehetra araka ny Apok. 12:14 *"… lavitra ny tavan'ilay bibilava"* hitanareo? Tahaka ireo izay maty ao amin'i Kristy tsy mifandray amin'izao tontolo izao, dia toy izany koa isika izay velona tokony ho tsy mifandray hatrany hatrany amin'izao tontolo izao. Amen! I Mosesy dia nankany an'efitra mialohan'ny ministera, i Jaona Mpanao-batisa dia nankany an'efitra mialohan'ny ministera ary i Jesosy Izao mihitsy koa aza. Ny efitra dia dingana tsy azo ialàna eo amin'ny fanadiovana. Tadidinareo ve ilay fahitana faharoa: nentina tany an'efitra aho mba handray ilay Mana ara-panahy izay nidina avy eny an-danitra tahaka ny tany amin'ny efitra niaraka tamin'i Mosesy. Dia ianareo sy izaho izany. Ianareo dia niaraka tamiko. Alléluia! Ny tany sy ny lanitra tsy afaka ny hampandainga izay efa iainantsika amin'izao fotoana izao. Jereo fa ilay fanoharana mikasika ireo virjina folo dia tany am-paran'ny ministeran'i Jesosy ary faran'ireo faminaniana ao amin'ny Matio 24. Izany rehetra izany dia miseho eny an-tendrombohitra Oliva, any ivelan'i Jerosalema ary izany dia tanteraka ankehitriny, aty amin'ny faran'ireo vanim-potoan'ny Fiangonana, any ivelan'ireo rafitra ara-pivavahana rehetra ireo. Hitanareo? Ny alitara dia nampodiana indray fantatrareo izany atao hoe fahotana ary raha tsy mihatsaravelatsihy ianareo dia tsy hitako intsony izay manakana ny Fanahy tsy hidina. Misaotra an'Andriamanitra.

Ary inty misy fanontaniana anankiray izay natokako sady … *"Rahalahy Philippe, mety very ve ny Famonjena?"* Eny ary, ny Famonjena dia ny fiainana mandrakizay ary ny endrika tokana fiainana mandrakizay izay afaka misy, dia Andriamanitra Izao mihitsy izany hoe ny Fanahy-Masina. Andeha ary heverintsika hoe ilay tena Fanahy-Masina no tao aminareo, dia afaka mankany amin'ny helo ianareo mazava ho azy raha toa ka io batisan'ny Fanahy io dia teo anivon'ny sainareo (esprit) fotsiny ihany. Hitanareo? Rehefa milatsaka ny Fanahy, sasany mandray Azy eo anivon'ny fanahiny (âme); eo, dia voaisy tombo-kase ho an'ny andron'ny fanavotana rizareo saingy ny sasany dia tsy mandray Azy afa-tsy eo anivon'ny sainy ihany tahaka an'i Saoly, Balama sy hafa. Hitanareo? Ny Baiboly milaza fa ny ranonorana dia milatsaka amin'ireo ahitra tsara sy ireo ahitra ratsy. Ary, ny tena Fanahy-Masina izay milatsaka eo amin'ireo ahitra ratsy dia tsy mahavonjy azy ireo. Hitanareo? Izany dia teo anivon'ny saina ihany! Fa ireo zanak'Andriamanitra dia mandray ny Fanahy eo anivon'ny fanahiny satria rizareo nandray ny fanambarana tao am-pony tamin'ny alalan'ny finoana! Rizareo dia nandray ny Teny tao am-po! Hitanareo? Anio ny rehetra no tokony ho tapaka. Ny fanambarana ara-paminaniana dia tokony handeha mivantana any am-po avy amin'ny alalan'ny finoana. Fa raha raisinareo ao amin'ny saina avy amin'ny alalan'ny fieritreretanareo izany, dia handray ny Fanahy ianareo… handray hosotra tsotra izay tsy miantoka ny Famonjena anareo mandrakizay ianareo. Ankehitriny, raha misy olona manao anareo hoe: *"Voavonjy isika tsy avy amin'ny asa fa avy amin'ny fahasoavana… afaka misotro, mifoka, manenjika vehivavy isika no sady mankany am-paradisa!"*, alavironareo izy ary raha misy rahalahy be di-doha mihazona izany teny izany, dia roahy hiala amin'ny Fiangonana izy!

Hivavaka isika! Tompo Jesosy-Kristy, ilay Mahatoky sady Marina, ilay Hiakan'ny mamatonalina, ny vavakay dia: Avia ry Tompo Jesosy! Eny, avy ry Tompo Jesosy! Aoka ny rahalahy Abou… hankaty amin'izay hamarana ny fotoam-bavaka! Hitahy anareo anie ny Andriamanitra izay tompoiko!

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »